


# Ny varavarana misokatry ny tempoly

*Tena faly i Stevan fa hiditra ao amin'ny tempoly!*

**Nosoratan'i Carolina Marín**
(Niainga tamin'ny tantara marina)

*Tany États-Unis no nitrangan'ity tantara ity.*

Tena faly i Svetan. Hiala ao Argentine ka hifindra any États-Unis ny fianakaviany. Dia tonga amin'izay ilay fotoana handraisana ilay fiaramanidina lehibe!

Nijery teo amin'ny varavarankely i Svetan rehefa nanainga ny fiaramanidina. Nanontany tena izy hoe ho toy ny ahoana ny ho endrik'ilay tranony vaovao. Hiova daholo ny zavadrehetra. Trano vaovao. Fandriana vaovao. Mpifanolobodirindrina vaovao. Ary fihaonana amina namana vaovao! Tena faly i Svetan.

Fantatr'i Svetan koa fa eo akaikin'ny tempoly iray izay vao naorina ilay tranony vaovao. Lavitra ny tempoly tany Argentine. Tamin'ny alalan'ny sary ihany no nahitany izany.

Nitodika tany amin'i Mami i Svetan. "Mieritreritra ve ianao fa afaka ny hahita ny tempoly avy ety amin'ny lanitra isika?"

Nitsiky i Mami. "Tsy afaka raha ny fiheverako azy." Fa kely sisa dia hahita izany isika."

Nitsiky koa i Svetan. Nilaza i Mami sy Papi fa tsy mbola nisokatra ny tempoly. Saingy hisy varavarana misokatra atsy ho atsy. Izany dia midika hoe afaka miditra ao anatiny ny olona mba hahita izany mialoha ny hanokanana azy. Ary handeha ho any amin'ilay varavarana misokatra ny fianakavian'i Svetan! Tsy andriny izay hahitana mivantana ilay tempoly.

Ora vitsy taty aoriana dia tonga tao amin'ilay trano vaovao i Svetan sy ny fianakaviany. Maro ny zavatra tokony hatao. Nanampy tamin'ny famahana ireo entana tao anaty baoritra i Svetan ary nanao izay hahatsara endrika ny tranony.

Ny andro nialohan'ilay varavarana misokatra dia nipetraka tao amin'ny trano fandraisam-bahiny izy ireo mba hiresaka.

"Tranon'ny Tompo ny tempoly," hoy i Mami. "Rehefa ao anatin'izany isika dia tsy maintsy maneho fanajana. "Fantatrao ve ny dikan'izany?"

"Miresaka moramora mba hahafahana maheno tsara kokoa ny Fanahy Masina ve?" Hoy i Svetan nanontany.

"Marina izany," hoy i Mami. "Afaka mianatra zavatra maro isika rehefa ao amin'ny tempoly."

Niatoka nanaiky i Svetan. Te haneho fanajana izy mba hahafahany mahatsapa ny Fanahy Masina ao amin'ny tempoly.

Ny ampitso marainan'io dia nifoha vao maraina i Svetan. Nanao akanjo fitondra alahady izy. Kely sisa dia hahita izany isika.



Tonga teo amin'ny tempoly ny fianakavian'i Svetan. Nanampy azy ireo ny olona hanao aroloto kely plastika eo amin'ny kiraron'izy ireo.

"Nahoana no nofonosin'izy ireo taminy harona kely itony ry Mami ny tongotro?" Hoy i Svetan nanontany.




SARY NATAON'I MARK ROBISON



"Satria vaovao sy madio ny zavadrehetra ao anatin'ny tempoly." Te hikolokolo izany isika."

Nisy vehivavy iray nandray azy ireo. Novakiny ireo teny teo amin'ny varavaran'ny tempoly manao hoe: "Fahamasinana ho an'ny Tompo—ny Tranon'ny Tompo."

Nohazonin'i Svetan ny tanan'i Mami. Niditra tao anatiny izy ireo. Tsara tarehy daholo ny zava-drehetra! Mety ho toy izany angamba no endriky ny lanitra.

"Jereo!" Hoy i Svetan nibitsibitsika. Nanondro sary hosodoko iray izy. "Io Jesoa Kristy!"

Rehefa vita izany dia nahatsapa fifaliana i Svetan. Feno fankasitrahana izy fa afaka niditra tao amin'ny tempoly. Te hiditra ao indray izy rehefa lehibe. ●

Ahoana no fomba niomanan'i Svetan mba hidirana ny tempoly?